BRICKAVILLE 4

# TRANO 44 MAY KILA, JIRO KAPOAKA NO NIPOIRAN'NY AFO


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7460 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 03 janoary 2023


ARAKA NY FAHITAN'NY FMI 8

# MBOLA HO SAROTRA KOKOA NOHO NY TAMIN'NY TAON-DASA ITY 2023 ITY






MARINA IZANY ! 7

## TSODRANO !

FIFIDIANANA FILOHAN'NY REPOBLIKA 7



## MITADY TOSIKA AVY AMIN'IREO HERY POLITIKA HAFA I MARC RAVALOMANANA

TARIKA VONJY - CCESCA 2



## LANY NY FANASANA HO AN'NY FAMPISEHOANA AMIN'NY ASABOTSY

TAONA 2023 ANDRO TSY FIASANA 8

## MITONTONA ANDAVANANDRO




Mahatoky anao i MVola

MVola AVANCE hatr@ 1 000 000 Ar

Tsindrio ny #111*1# Tsy mivoaka ny trano

MVola Mobile Money

www.mvola.mg MVola

BANKY MPIARA-MIASA BNI MADAGASCAR

G CL 398/13-1

Telma

AVEC MES POTES ET MA FAMILLE, JE PAPOTE À MINI PRIX !



NOUVEAU M'Ora TEAM

60 Min SMS Mo

vers tes 3 numéros FAF

1 000 Ar TTC Tape le #322*26#

Utilisable à toute heure

G CL 397/26-2

HOTSAKOTSAKOINA

"Raha mihenjana loatra ny tady, avotsotra avy eo ka tapaka, dia mety hamarina any an-davaka"

**Ny Vetso (28.11.13)**

("Arc trop tendue, tôt lâché ou rompu.")

Doany eny Ambohimanga Rova

# Miteraka resabe ny fandroahana devoly nataon'ireo andiana mpivavaka

*Amin'ny ankapobeny, fanoherana ny " fifohazam-panahy " nataon'ireo kristiana nanala devoly teny amin'ny Vohitr' Ambohimanga no nahazo vahana tao anaty fesiboky.*

Nanatanteraka fandroahana devoly tamin'ireo doany tao amin'ny Vohitr'Ambohimanga ireo kristiana notarihin'ny foibe Fifohazana FJKM notronin'ireo mpihira evanjelika dia ny tarika Christophe Ratrema sy ny Koraita ary ny Ampifitia ny 29 desambra 2022 lasa teo. « Diabempanafahana » narahin'ny Fiderana lehibe niarahana tamin'ireo tarika ireo no nambaran'izy ireo fa notanterahany tamin'izany. « *Dingana lehibe ho an'ny fifohazam-panahy no vita* », hoy ny fanambarana nataon' izy ireo. Nivoaka tamin'ny tambajotran-tserasera fesiboky io hetsika notanterahan' ireto kristiana ireto tamin' izany. Raikitra amin'izay ny ady hevitra sy ny resabe manodidina izany, izay azo lazaina fa ny fanakianana no nibahan-toerana indrindra tamin'izany. I Rossy no anisan' ny nitabataba tamin'izany hoe : « *mbola tsy nitsidika ny toerana misy anao na ny fiangonanao izahay. Miangavy anao mba mahaiza miaina ary hajao ny hafa. Misy olona afaka manome torohevitra azy ireo ve azafady mba tsy hanao zavatra tahak'izao intsony* ». I Hery Andriamitantsoa kosa nilaza ny hoe : « *Heveriny fa ry zareo ihany no masina, fa raha tsaraina ireo dia ao no misy manao fahotana mahafaty, ahoana ireny mpiandry mpanolana ireny ? Dia inona koa no hadisoan'ilay doany ? Kristiana hiringiriny aho fa ny fampianarana azoko dia hoe tanako ny finoako fa hajaiko ny an'ny hafa na tsy hinoako aza ny foto-keviny* ». Rakotoarimanana Eddie, kosa ao nilaza fa « *Tokony misy sazy mafy omena antony olona tony! Mitsangana ianareo mpitarika sy mpandalina ny fomba malagasy fa tena tsy izy izao! Fanimbazimbana mivantana ny kolontsaina sisa tavela izao ve dia tsy misy misambotra ? Aleo mba mifanaja fa mbola tsy nisy nanao toy izao tany ampiangonana kosa angamba ny mpandàla ny kolontsaina sy finoana malagasy. Dia hifoha tokoa moa ny masina raha izao no ataonareo koa !* ».

Tamin'ny fotoana nanoratanay moa dia mbola eo ampanomanana ny fanambarana izay havoakany ny avy ao amin'ny ministeran'ny kolontsaina raha ny resaka nifanaovanay tamin'ny tale jeneraly. Izay heverina fa hifototra amin'ny maha « laika » ny fanjakana malagasy sy ny voalazan'ny lalampanorenana momba izany.

**Fy**

Tarika Vonjy - Ccesca

# Lany ny fanasana amin'ny fampisehoana hotanterahina amin'ny Asabotsy izao



**Alefa mivantana ao anatin'ny pejy fesiboik'ny tarika ny fampisehioana.**

"Hira fiderana sy filazan-tsara" no lohahevitra entin'ny Tarika Vonjy manamarika ny fampisehoana maimaimpoana izay hataony. Ny Asabotsy 7 Janoary izao etsy amin'ny Ccesca manomboka amin'ny 2 ora sy sasany no hanomezany fotoana ny rehetra ary mandritra izany no hifampiarahabana noho ny taona voavao. Araka ny fanazavana anefa dia tapitra tanteraka ny taratasy fanasana ahafahana miditra tetsy amin'ny Tsena Zina Analakely. Nanome toky ny mpankafy rehetra izay tsy nahazo fanasana anefa ry zareo fa alefa mivantana ao anatin'ny pejy fesiboik'ny tarika ny fampisehioana an-tsehatra.

Marihana fa ny taona 1996 no nasian'ny tarika Vonjy. Tamin'izay fotoana izay ihany koa no namoahan'izy ireo ny rakikirany voalohany mitondra ny lohateny hoe " Tsy miova Jesosy". 18 Mianadahy no nandrafitra ny tarika tamin'izany fotoana izany ary mbola ao avokoa fa iray ihany no nindaosin'ny fahafatesana. 5 ny isan'ny mpitendry, 9 mianadahy mpihira ary mpandihy 4 mirahavavy no mandrafitra ny Tarika. Vonjy avokoa no mamorona ny hira rehetra fa ny fandrafetana azy kosa no iarahan'ny rehetra. Hatramin'ny 1996 dia 6 no isan'ny rakikiran'izy ireo dia " tarigetra tsara ny mihira", hoe " nandondona", " loharanompifaliana" ary ilay "Aba Ray" nivoaka tamin'ny 2017. Anisan'ny hira tena nahafatanrana azy ireo ilay hoe "Aba Ray", "fiarovana ho ahy", "Tsara ny Mihira".

**Tiaray Rakoto**

Olombelo Ricky

# Any frantsa ny fampisehoana voalohany amin'ity taona ity

Manome fotoana an'ireo mpankafy azy any Frantsa i Ricky ny sabotsy 7 janoary izao. Ao Lunelle ny tarika no hanao fampisehoana voalohany ny amin'ity taona ity. Efa ela ihany moa no niketrehan' izy ireo ity hetsika ity ary dia izao izany vao masaka tsara ka dia maniry tokoa izy ireo ny hahita an'ireo mpankafy azy rehetra indrindra amin'izao taona vaovao izao. Hisy hatrany ny zavatra hampiavaka ny fiarahana amin'io amin'ny maha fampisehoana voalohany azy amin'ity taona ity izay. Aorian'io kosa izy vao



**Vao manomana ny fampisehoana hatao eto izy.**

manana vina ny hiverina eto an-tanindrazana ary mandamina ny fandaharam-potoana momba fampisehoana izay hatao eto Madagasikara indray. Tsiahivina ihany koa moa fa mankalaza ny faha-30 taona niakarana an-tsehatra azy ny tarika izay mbola mitohy amin'ity taona ity ka dia azo antenaina fa hisy ny fampisehoana maromaro izay ho karakarain'izy ireo mba hanomezana fahafaham-po ireo mpankafy rehetra. Efa nisy ihany ny fitetezam-paritra kely izay nataony tamin'ny herintaona, teo koa ny fampisehoana kely maromaro nataon' ny tarika teto andrenivohitra fa ho tohizana hatrany ny fanakaikezana ny mpankafy.

**Tanya.R**

Toky Rahaingo

# Hifantoka kokoa amin'ny fanabeazana ny Tily eto Madagasikara

Araka ny fomba fanabeazana skoto efa nanorenan'i Baden Powell azy, ny Tily dia fanabeazana tanora zazalahy hivondronan'ny avy ao amin'ny fiangonana FJKM, FLM, EEM, METM ary FMTA, sady mamolavola ny ankizy sy tanora handray anjara amin'ny fanorenana tontolo tsara kokoa. *"Amin'ity taona 2023 ity dia hanamafy sady hifantoka kokoa amin' ny fanabeazana ny fihetsiketsehana izay atao"* hoy ny Filohan'ny Tily Eto MAdagasikara Toky Rahaingo. Notsindriany fa misy ny lesoka samihafa eo amin'ny lafiny fanabeazana ankizy sy tanora indrindra indrindra niha mafy izany taorian'ny fandalovan'ny valanaretina covid-19, fa tsy mitarain-tana-mihepaka ny Fikambanana amin'ny fanarenana ireo lesoka rehetra mba hahatonga ny ankizy sy tanora ho Vavolombelon'i Jesoa Kristy, Olom-pirenena





**Nisy ny lesoka teo amin'ny fanabeazana noho ny Covid-19 saingy tsy mitarain-tana-miepaka hanarina izany.**

vanona ary Andrin'ny fianakaviana. Ankoatra izay dia hamafisina ny fiarahamiasa sy fiaraha-miombon' antoka na eto Madagasikara na any amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Hanao fihaonana nasionaly ho an'ny beazina ny TEM ka any Fianarantsoa aorian'ny fanadinana ofisialy izay miainga any amin'ny Faritra sy Faritany. Fa amin'ity taona ity ihany dia mankalaza ny faha-35 taonan'ny Sampana Menafify ny Tily eto Madagasikara ary hanomboka hiaina tsikelikely ao anatin'ny fankalazana ny Jobily faha-100 taona izay hisokatra amin'ny volana desambra 2023 ihany koa ny TEM. Hotanterahana any Taolagnaro ny FIFITI 2023. Ezahin'ny Foibe TEM ny manaparitaka ireo fihetsiketsehana nasionaly manerana ny Nosy ary mampanakaiky izany hatrany amin'ny ankizy sy tanora.

**Jery todiky ny lasa**

Raha todihana kely ny taompanabeazana 2021 -2022 dia maro ny hetsika natao.

Teo ny fikarakarana ny fifidianana ireo Filoham-paritany, fametrahana ireo Filohamparitany Tily sy ny ekipa mpiray dia aminy manerana ny Nosy sy tany Frantsa, famerenana ireo Lasy fanofanana ho an'ny mpanabe rehefa avy niato nandritra ny 2 taona noho ny valanaretina covid-19, tahaka izany ihany koa ny lasy ho an'ny ankizy, fanontana boky fanabeazana ho an'ny isan-tsampana sy ho an'ny Sampana Maitso Tily, fananganana ny Komity hitarika ny fankalazana an'Andriamanitra noho ny faha-100 taona, fandraisana anjara tamin'ny famonjena ny mpiara-belona izay traboina noho ny loza voajanahary. Fikarakarana FISKOTI sy POW WOW narahan'ny FIFITI hahafahana mampifanaraka ny tondrojotra avy aty amin'ny Foibe amin'ny tena zava-misy any aminy isaky ny Sampana isam-pivondronana. Ary anisan'ny lehibe indrindra dia ny fandraisana anjara tamin'ny Fivoriambe momba ny Skotisma aty Afrika izay natao tao Nairobi Kenya.

Marihana fa ny FISKOTI dia karazana "Fihaonam-ben'ny tanora" izay natao hangalana ny hevitra ny tanora beazina. Ny "POW WOW" kosa fihaonam-ben'ny Mpanabe izay natao hanatsarana ny fanabeazana eo anivon'ny TEM. Tany Antsirabe moa no nanatanterahana izany Ny FIFITI indray Fihaonan'ny Filoha Tily ary tany Morondava ny natao ny teo aloha ary any Taolagnaro ny amin'ity taona ity. Miezaka ihany koa manamafy hatrany ny fiarahamiasa amin'ny synodampiangonana sy amin'ny Fanjakana na ireo rantsamangaikany manerana ny Nosy, tahaka izany ihany koa ireo mpiara-miombon'antoka eto an-toerana na any ivelany.

**Firarian-tsoa**

"Mirary fahasalamana ho an'ny rehetra, ho tafita soa amin'ny fianarana avokoa ireo mpikambana rehetra izay mbola mianatra, hamorona asa na hahazo asa ireo mpikambana izay eo an-dalam-pitadiavana asa, hahita fahombiazana hatrany ireo mpikambana rehetra izay efa manana anton'asa, hanohy hizara ny traikefany amin' ireo ankizy sy tanora ireo mpikambana izay mety efa misotro ronono ! Mirary soa ho an'ny Malagasy mpiray tanindrazana rehetra na eto andrenivohitra na any amin'ny Faritra, na koa any am-pitan-dranomasina.

**Nangonin'i Tiaray Rakoto**

Fifaninanana eny Atsimondrano

# Hisy ny andiany faharoa amin'ny "Champion's League" sy ny "grand Prix"

*Amin'ny volana jona ny fifaninanana kanetibe, izay hatao eny amin'ny boulodrome Fitaratra Tongarivo.*

Ho feno tanteraka indray ny fandaharam-potoana ho an'ny eny Atsimondrano, eo amin'ny tontolon'ny Fanatanjahantena. Efa nampanantena ny solombavambahoaka, Ratsivahiny Andry, fa ho raikitra avokoa ny andiany faharoa, amin'ireo hetsika nokarakarainy tamin'ny taon-dasa. Isan'izany ilay fifaninanana "Champion's League", eo amin'ny baolina kitra, izay handraisan'ireo klioba avy amin'ny kaominina rehetra manerana ny distrikan' Atsimondrano. Tsiahivina, ny As Sainte Anne Bongatsara no nandrombaka ny Super Champion, rehefa nandavo ny Tanjombato Centre teo amin'ny famaranana, natao tetsy amin'ny kianja Soalandy Ankadivoribe. Ireo ekipa roa niatrika ny lalao famaranana isakin'ny "zone" moa no niatrika izany, ka ankoatra ny lelavola goavana azon'ny tompondaka, nomena "ordinateur" portable miaraka amin' ny imprimante laser ny kaominina nivoahan'ny ekipa tompondaka. Efa-bolana teo moa no nizoran'izany, natao tamin'ireo kianja maro teny Atsimondrano, izay nahavory mpijery maro hatrany. Antenaina, fa tsy ho latsadanja tamin'izany ny andiany faharoa, izay efa nampanantena moa ingahy Andry Ratsivahiny, fa hisy ary ezahana ho tsara ny fikarakarana, iarahana amin'ireo mpanohana, hanolo-tanana ny mpikarakara. Efa fantatra ihany koa, fa hisy ny andiany faharoa amin'ilay "grand Prix", ho an'ny taranja tsipy kanetibe. Isan'ny hampiavaka azy ny toerana, izay hatao eny amin'ny boulodrome Fitaratra, raha teny amin'ny building Ivato izany tamin'ny andiany voalohany (2022). Tsiahivina, nahasarika mpandray anjara maro izany, ka nisy ireo avy any amin'ny faritra, tonga teto nifaninana. Tanjona ary antenaina fa ho tonga maro sy mihoatra ny tamin'izany andiany voalohany izany, ny ligy handray anjara amin'ity andiany faharoa ity, izay kasaina hatao amin'ny volana jona 2023.

**Rabenaivo**

Kitra - " Tournoi Grand Tana 2022 "

# Norombahan'ny CFTFC - FC3CA - FC VIVA ny amboara natolotry ny Minisitry ny Mponina

Tao anatin'ny fitaintainana sy hafaliana tanteraka no nanarahan'ny mpankafy baolina kitra, teny amin'ny kianja Tanikatsaka Itaosy, ny lalao famaranana tamin'ny sokajy telo, niadiana ny amboaran'ny " Tournoi Grand Tana 2022 " sy ny medaly volamena, izay natolotry ny Minisitry ny mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy, Rtoa Soafilira Princia, reny mpiahy ny sekolin'ny AJESAIA (CFFAJ) sy ny fifaninanana T.G.T 2022. Teo amin'ny sokajy zazalahy latsaky ny 14 taona, dia tamin'ny isa tery dia tery 1 no ho 0 no nandavoan'ny CF Tana Formation ny FC Andrady. Tany amin'ny fandakana "tirs au but" kosa indray vao fantatra ny "senior" vehivavy, nibata ny amboara. Nandritra ny fe-potoana ara-dàlana dia nisaraka ady sahala 1 no ho 1 ny ekipan'ny FC 3CA Ambohipo sy ny FC Tic Tac, izay noheverin'ny mpanaraka kitra teny antoerana fa "favorite" tamin'ity fifaninanana ity, noho ny fisian'ny ankamaroan'ireo mpilalaony manantevin-daharana ny Barea de Madagascar sy ny ekipa vaventy eto Analamanga. Nivadika anefa ny rasa fa ny ekipan'Ambohipo no nitarika tamin'ny isa, nandritra ny fizaram-potoana voalohany. Efa tany amin'ny fizaram-potoana faharoa vao nahasahala ny isa ny FC Tic Tac. Koa rehefa natao ny "tirs au but" dia nisaraka tamin'ny isa 3 no ho 2 ny ekipa roa tonta, ka lasan'ny FC3CA ny amboara sy ny medaly volamena. Ankoatra ny fihaonana teo amin'ny vehivavy dia mbola tsy nampoizin'ny mpankafy baolina kitra, teny amin'ny faritr'Itaosy "City", ihany koa ny voka-dalao teo amin'ny "Senior" lehilahy. Toy ny nandrombahan'ny FC VIVA Antehiroka ny amboara tamin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenen'ny AJESAIA, izay notanterahina tany Mampikony tamin'ny taon-dasa, dia mbola tsy namelan'ny ekipan-dRaedy ihany koa raha tsy azony ny amboara lehibe sy ny medaly volamena tamin'ity T.G.T 2022 ity. Teo amin'ny minitra faha-15 nanitsahana kianja, dia nokobanin'i Emeraude ny haraton'ny CF Tana Formation. Nahazo "penalty" kosa anefa ny mpilalaon'i Perrot sy Justin, teo amin'ny faha-25 minitra nilalaovana, ka tsy sarotra tamin'i Tojo ny nampiditra ny baolina, nahasahala ny isa 1 no ho 1 teo am-pialantsasatra. Tamin'ny fizaram-potoana faharoa farany dia mbola nihoitra mafy hatrany ny mpilalaon-dRasily, izay niara-nilalao tamin'i Pierrot Rakotomanga tao amin'ny ekipan'ny FC BFV fahiny, ka tsy tana i Toky (55 mn) sy Emeraude (60 mn) fa nampitombo ny isa azon'ny ekipany. Emeraude, izay voahosotra ho mpilalao mendrika sy mahay tamin'iny fihaonana iny, noho ny baolina roa tafidiny sy ny fahaizamanaony mitifi-davitra. Tamin'ny isa mazava 3 no ho 2 no nandresen'ny FC VIVA ny CFTFC. Hifamotoana any Mahanoro indray amin'ity taona ity ny mpifaninana amin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenen'ny AJESAIA.

**aris rafaly**




## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 430/4-2)

### SERVICE

* Vidange fosse & wc perdu & puisard, manao plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 429/6-5)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse sept, puisard, réparat°, réhabilitat°. Tél : 034.16.145.06 / 034.47.024.33. (G-BA 416/10-3)

* Vidange fosse septique, puisard, wc gasy, wc perdu Makiplast. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 425/15-13)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 424/20-13)

Brickaville

# Trano 44 may kila, jiro kapoaka no nipoiran'ny afo

*68 ny tokan-trano voakasika ka 146 ireo traboina.*



Vao niandoha ny taona dia loza mahatsiravina no niseho tao Ambidiazoambo, tampon-tananan'i Brickaville,omaly tokony tamin'ny 4 ora maraina. Trano 44 no nirehitra tao amin'io fokontany io. Tsy nisy niangana fa potika avokoa ka ny 34 no may kilan'ny afo niaraka tamin'ny entana rehetra tao anatiny ary ny 10 kosa voatery noravana mba hifehezana ny afo tsy hiparitaka amin'ny trano hafa manodidina. Araka ny angom-baovao hatrany dia 68 ny tokantrano voakasika ka 146 ireo traboina. Olona 6 tamin'ireo no naratra nandritra ilay hain-trano saingy efa nahazo fitsaboana. Na dia izany aza tsy nisy ny aina nafoy. Voalaza fa afo avy tamin'ny jiro kapoaka tao amin'ny tokan-trano iray no niteraka ny loza. Tsy voafehy ny firehetana ka izao niitatra tamin' ny tanàna izao ary tsy voafehy raha tsy efa adiny 2 taty aoriana, noho ny fiarahamientan'ny fokonolona sy ny mpitandro ny filaminana tao an-toerana.

**Tsy hita**

Araka ny fantatra dia lasa nandositra ilay ramatoa tompon'ny trano niavian'ny afo ary tsy hita izay misy azy amin'izao. Noho izany dia mandeha ny famotorana sy fikarohana azy mba hanaovana fanadihadiana mikasika ny loza. Taorian' ity tranga ity dia nisy ny fivoriana izay nataon'ny manampahefana tao Brickaville rehetra izay nahitana ny Solombavambahoaka sy ny lehiben'ny Distrika, ny Ben'ny Tanàna Ambonivohitra Brickaville, ary ny Solontena avy amin' ny vokovoko mena na ny « Croix rouge ». Voatoatin' ny fivoriana ny fitadiavana fomba entina hanampiana an'ireo vahoaka an-jatony traboina ireo.

**Ariel D.**

Faritra Vatovavy

# Zandary roa voatsindron'antsy

Zandary roa no naratra mafy voatsindron'antsy tany amin' ny faritr'i Mananjary omaly tokony ho tamin'ny 10 ora maraina. Lehilahy nanenjika olona tamin'ny antsy no nifanehatra tamin'ireto mpitandro filaminana ireto ka nanatsatoka antsy azy ireo. Araka ny fanazavana azo avy amin'ny mpitandro filaminana mantsy dia hitan'ny olona avy nifoka rongony io lehilahy io ary nitondra antsy izy ka nanenjika ireo namany niara-nilalao karatra taminy. Nandritra izay indrindra no nandalo teo amin'ny barazy misy ireo zandary ny tenany ka nofirainy antsy ny zandary iray ary voa teo amin'ny lamosiny. Nanoloana izany dia niezaka nisintona ilay olon-dratsy ny zandary iray hafa teo ka voafira teo amin' ny tanany havanana ihany koa izy. Nentin'ny namany notsaboina tany amin'ny hopitaly ireo zandary naratra ireo. Raha vao naheno mikasika ity tranga ity ny zandary dia nandeha nidina ifotony tany amin'ilay toerana nisehoan'ny tsindron'antsy ary nisambotra avy hatrany ilay olon-dratsy. Nisy ny paikady natao tamin'ny fisamborana ka notifirina tamin'ny tongony izy ary dia tsy afa- nitsoaka intsony. Naratra izy ary efa nentina namonjy hopitaly notsaboina ihany koa. Ity lehilahy voasambotra ity izay voalaza fa mampihorohoro ny fokonolona teo antanàna. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Antohomadinika

# Rongony Rôrô 30 fonosana sarona, voasambotra ilay vehivavy nivarotra azy

Vehivavy iray 47 taona nivarotra rongony mahery vaika no voasambotry ny polisy misahana ny ady amin'ny zava-mahadomelina teny Antohomadinika ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora sy sasany. Nahazo loharanom-baovao ny polisy mikasika ny fisian'ny olona mamatsy "rôrô" any amin'ny faritra Antohomadinika. Nidina ifotony tany an-toerana araka izany ireo mpitandro filaminana vantany vao naheno izany zava-mitranga izany ka dia io voasambotra tao amin'ilay trano voalaza io ny vehivavy iray. Mbola nahitana rôrô 30 fonosana tany aminy nandritra ny fisavana. Nentina nofotorana tany amin'ny biraon'ny polisy izy taorian'ny fisamborana azy ka nandritra izany no nahafantarana fa miandahy miambavy ireo mpanjifa tonga ao aminy ka lehilahy no ankamaroan'izy ireo. Fantatra tamin'izany ihany koa fa mahalafo rongony dimy fonosana isan'andro ravehivavy. Voalaza fa 90 000 ariary no hividianany ny rôrô ambongadiny ary amidiny tsikelikely izany.

**Hafa koa**

Lehilahy iray 37 taona ihany koa no sarona nivarotra teny amin'ny faritra Amboanjobe ny zoma lasa teo. Nahafantatra ny polisy fa misy olona mamatsy sy mivarotra rongony any amin'iny faritra voalaza etsy ambony iny ka nandeha nidina ifotony teny an-toerana izy ireo. Ary dia tamin'izany no nahatratrarana ity lehilahy ity niaraka tamin'ny rongony 87 fonosana. Amidiny 5 000 ariary ny fonosana iray ka mahalafo 40 000 ariary isan'andro izy. Mihoatra izay kosa raha tsara ny tsena. Olona mandalo no ividianany ireo entana ireo ary tsinjarainy amidiny izany avy eo. Vita ny fakàna am-bavany azy teo anivon'ny mpitandro filaminana ka natolotra ny fampanoavana omaly ny raharaha.

**T.H**

Mananjary

# Ramatoa naboridana, maty nokendaina sy nofiraina tamin'ny antsy

Vehivavy iray sahabo ho 62 taona no namoy ny ainy tamin'ny fomba feno habibiana tao amin'ny fokontany Betampona, kaominina Ambanivohitra Tsiatosika distrikan'i Mananjary, afakomaly. Hita faty teo an-tokontany tao amin'ny toerana antsoina hoe Lovasoa ilay ramatoa ary efa niboridana ny tapany ambany. Araka ny filazan'ny mpitsabo dia nisy namono izy satria voakenda tamin'ny lamba ny tendany, nofiraina tamin'ny zava-maranitra ny tarehiny, mangana ny tratrany ary ahiana ho voaholana ihany koa satria niboridana ny tapany ambany no sady nisy tsiranoka. Efa misy ihany ny olona ahiahiana ho nahavanona izao asa ratsy izao. Anisan'ny hiantefan'izany ny lehilahy iray mpiambina tao aminy.

**Tsy fifankahazoana**

Voalaza fa vao noroasiny io olona io ka ahiana ho noho ny izany no anton'ny tranga. Hatreto anefa dia mbola tsy fantatra izay disadisa nisy tamin'ilay ramatoa sy ity mpiambina ity. Araka izany dia misokatra ny fanadiahadiana, izay raisin'ny zandary vondron-tobim-paritra Mananjary. Olona roa no ahiana fa iray no notanana vonjimaika any amin'ny zandary. Anisan'izany ny vehivavy iray rahavavin'ilay namoy ny ainy. Voalaza mantsy fa ity farany no nahita azy voalohany no sady nanao fanambarana ny tranga tany amin'ny zandary. Araka ny angom-baovao hatrany dia efa nisy tsy fifankahazoana taminy sy io ramatoa nisy namono io hatramin'izay. Noho izany dia voatery nosamborina izy ary notanana vonjimaika. Ilay mpiambina kosa dia mbola karohina satria tsy hita amin'izao fotoana.

**Ariel D.**

Ivohibe

# Dahalo mpampihorohoro vahoaka maty voadaroka

Efa ela nikarohana azy ilay dahalo kanjo tratran'ny fokonolona tao Soarano fokontany Fierena kaominina Antambohobe,distrikan' Ivohibe, faritra Ihorombe izy ny sabotsy hariva. Matin'ny daroka sy ny vely kibay ity olondratsy ity. Noho ny ratra nahazo azy dia tsy tana ny ainy. Mbola nikasa hangalatra omby izy ity izao tra-tehaka izao. Araka ny vaovao dia namaly ireo fokonolona io dahalo io ka voatery niaro teny ity farany. Vokatr'izany dia niharan'ny kapoka teo amin'ny lohany sy ny vatany ary io no niteraka ny fahafatesany teo no ho eo.

**Ariel D.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 864 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

**Patsamena sy anamalao asiana sosety**

**Zavatra ilaina :** Patsamena fahefa-kapoaka eo, Anamalao kely, sosety araka izay ampy ho an'ny ao an-trano, menaka, sira.

**Fomba fandrahoana azy:** Hafanaina ny menaka 1 sotro. Arotsaka ny patsa rehefa voadio tsara ...avela mendimendy, arotsaka ny tongolo oignon, ary avy eo arotsaka ny sosety. Tampohina rano kely ary avela ho masaka. Atao ketsaketsa. 5mn alohan'ny hibatana azy no arotsaka ny anamalao.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Nijery baolina**




## Hatsikana an-tsary

**Pams sy Jiolahy**




## Masoandro Miposaka

### Isaia 43 : 16-18

Izao no lazain'i Jehovah, Izay manao lalana eny amin'ny ranomasina sy lalan-kaleha eny amin'ny rano manonja, Izay mamoaka ny kalesy sy ny soavaly, ny miaramila sy ny lehilahy miara-mandry avokoa izy ka tsy hiarina intsony, mitsilopilopy izy, ka dia maty toy ny jiro: Aza mahatsiaro ny lasa, na misaina ny taloha.

## Indray mipika



**Nanatontosa ny pejy**

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Fery ambany maso, sady maharary no mahamenatra.**

Une plaie sous les yeux : ça fait mal et rend honteux en même temps.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2840

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 8 | | | | | | | |
| | | 7 | | | 5 | | | 4 |
| | 1 | | 6 | | | | 3 | |
| | 3 | | | | | | 1 | |
| | | | 1 | 2 | | 5 | | 6 |
| | | | | 4 | | 7 | | |
| | | 2 | | | | | | |
| 3 | | 4 | | 7 | | 9 | | |
| | | 5 | | | | | 4 | |

Valin'ny laharana 2840

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 2 | 3 | 8 | 7 | 6 | 1 | 9 | 4 |
| 4 | 7 | 6 | 1 | 3 | 9 | 8 | 2 | 5 |
| 1 | 8 | 9 | 2 | 4 | 5 | 3 | 6 | 7 |
| 9 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 2 | 8 | 1 |
| 7 | 1 | 5 | 9 | 2 | 8 | 4 | 3 | 6 |
| 2 | 6 | 8 | 4 | 1 | 3 | 7 | 5 | 9 |
| 6 | 9 | 2 | 7 | 8 | 1 | 5 | 4 | 3 |
| 3 | 4 | 7 | 6 | 5 | 2 | 9 | 1 | 8 |
| 8 | 5 | 1 | 3 | 9 | 4 | 6 | 7 | 2 |

Fifidianana filohan'ny Repoblika

# Mitady tosika avy amin'ireo hery politika hafa i Marc Ravalomanana

*" Ho taona hahazoantsika fahefana amin'ny alalan'ny fifidianana ity taona ity...Aza matahotra ianareo fa marobe ny toerana rehefa azontsika io fahefana io ", hoy ny filohan'ny TIM.*



Misokatra ! Raha am-bava aloha dia tena vonona ny hiatrika ny fifidianana filohampirenena amin'ity taona ity tokoa ny eo anivon'ny fanoherana tarihan'ny Ing. Marc Ravalomanana. Ankoatra ny fiarahabana sy firarian-tsoa ny Malagasy noho ny taona vaovao mantsy dia nifantoka tamin'izany resaka fifidianana izany fotsiny ny fandraisam-pitenenan'ity laharana voalohany eo anivon'ny antoko Tiako i Madagasikara ity nandritra ny fifampiarahabana tratry ny taona ho an'ny Birao politika TIM teny Faravohitra, omaly. Tsikaritra ho mbola tsy niova i Marc Ravalomanana, ilay mandray fanapahan-kevitra somary tampotampoka iny nandritra izany. Dia nanaitra ny maro indray ny filazany fa tsy misy fahavalo na namana mandrakizay amin'ny politika ka misokatra amin'ny antoko hafa sy miandrandra fifanomezan-tànana avy amin'ny rehetra ny TIM. Mety azo adika ho fomba hitadiavana tosika an-kolaka avy amin'ireo hery politika hafa ve izany fanambaran'Ing. Marc Ravalomanana izany, amin'izao fotoana mampalaza ny fifidianana izao? Ny azo ambara aloha dia tsy mandehandeha ho azy ireny fanatrehan'Ing. Marc Ravalomanana ny fivoriambe na fankalazana tsingerin-taona ataon'ny antoko politika hafa tamin'ny taondasa ireny. Efa tazana nifandray tànana ohatra Ing. Marc Ravalomanana sy Roland Ratsiraka tamin'ny taon-dasa, izay azo lazaina ho mpifahavalo tany aloha. Efa nifanatritava tamin-dry Olivier Rakotovazaha, filohan'ny MFM ihany koa ny lehilahy ny faran'ny taona teo.

**Miverina an-doharano**

Mifanindran-dalana amin' izay, hita ho manomboka miverina an-doharano ireo mpikatroka TIM niaraka tamin'Ing. Marc Ravalomanana hatrany am-boalohany. Isan'ny tazana teny Faravohitra omaly ohatra ry Raharinaivo Andrianantoandro, Pierrot Botozaza ary Patrick Ramiaramanana. Tsy nipoitra kosa ny depiote Hanitra Razafimanantsoa sy Fidele Razara Pierre ary Rodin Rakotomanjato raha tazana teny ny olom-boafidy hafa. Manoloana izany, namerina niantso firaisankina Ing. Marc Ravalomanana. *« Adinonareo ny maha « dada » ahy. Misy mifampialona sy manao kajikajy politika eo amintsika samy isika indraindray. Mila ajanona any amin'izay izany amin' izao 2023 izao fa tokony hiara-dia sy hanambatra hery hanatrarana ny tanjona isika. Tsy tokony ahilika ihany koa ireo avy amin'ny antoko hafa mitovy fomba fijery sy mieritreritra ny hiaraka amintsika. Rehefa hoe vonona hanarina ity firenena latsaka ankaterena ity dia raisintsika an-tanandroa. Aza matahotra ianareo fa marobe ny toerana rehefa azontsika io fahefana io »*, hoy ity filohan'ny TIM ity tamin'izany.

**Mamy R.**

Antoko MFM

# Handrotsaka kandidà amin'ny fifidianana rehetra

Manoloana ny fiatrehana ny fifidianana amin'ity taona 2023 ity dia manomboka mivoaka tsikelikely amin'ny fahanginany ny mpanao politika. Ankoatra ireo efa nanambara ny filatsahan-kofidiany dia tsy ho ela dia hanao ranolava io filazana filatsaha-kofidiana io ary ahiana ho tena maro ny kandida hofidiana filohampirenena. Ny antoko MFM, izay tarihin'ny filohany Olivier Rakotovazaha, izao nandritra ny fankalazana ny faha-50 taona nijoroan'ny antoko tamin'ny 29 Desambra lasa teo dia nanambara mazava fa vonona ny hirotsaka sy handrotsaka kandida amin'ireo ambaratongam-pifidianana rehetra hotanterahina eto amin'ny firenena : hatrany amin'ny fifidianana filohampokontany ka hatrany amin'ny fifidianana filoham-pirenena. Mikasika izay fanomanana ny fifidianana izay hatrany, mitaky fikaonandoham-pirenena hanatsarana ny lalampifidianana ry zareo avy eo anivon'ny MFM. Isan'ireo mahatsikaritra ihany koa mantsy ireo mpikamban'ity antoko ity fa tsy hisy fifidianana madio sy eken'ny rehetra raha mbola ny lalàna manan-kery amin'izao fotoana izao no ampiasaina.

**Mamy R.**

Toe-draharaham-pirenena

# Mila manova ekipa maharesy lahatra vahoaka ny Filoha

Taom-pifidianana ny 2023. Taorian'ny fetin'ny taombaovao dia efa misy amin' ireo antoko politika sasany sahady no mandrangaranga ny paikady ho entiny miatrika ny fifidianana Filoham-pirenena. Isan'ny singa iray azo lazaina fa mety mitondra any amin'ny fahombiazana ny fananana ekipa tsara rafitra. Amin'izao 9 volana farany hijanonany eo amin'ny fitondrana izao, dia efa tokony fotoana izao hijeren'ny Filohan'ny Repoblika akaiky ireo manodidina azy. Zavadehibe ao anatin'io ekipa io ny fahaizana politika. Tanjona ao anatin'izany ny fananana olona maharesy lahatra vahoaka. Isan'ny zavatra tokony hataon'ny Filoha voalohany ny manova ireo minisitra sasany ao anaty governemanta raha hiatrika fifidianana amin'ity taona ity. Ny ankabeazan' ireo minisitra ankehitriny mantsy toa zara raha mahafantatra ny tena zava-misy marina eny ifotony, ka zary tsy mahay ny resaka politika eto amin'ny firenena. Tokony efa ho hitan'ny Filoha tamin' ny tombana nataony tamin' izy ireo, ny olona tena hita fa vonona hiara-miasa aminy. Raha ny fantatra moa, dia mety hisy ny fanovana ireo mpikamban'ny governemanta ato ho ato. Asa anefa na fanoloana ny toerana banga fotsiny no hatao na misy mihitsy ny fijerena ny paikady politika hiatrehana ny fifidianana amin'ny fametrahana ireo olona vaovao. Miankina amin'ny Filohan'ny Repoblika izay tompon'ny teny farany anefa izany. Maro rahateo no mihevitra fa karazan'ny mbola tsy mifarana ireny disadisa niseho farany teny anivon'ny Antenimierampirenena ireny.

**JUDD**

## Marina izany !

### Tsodrano !

**Tsodrano, hono, zava-mahery, araka ny finoan'ny Ntaolo malagasy. Miraradraraka tokoa ny tsodrano ao anatin'izao tonontaona vaovao izao. Fotoanany izao. Ny tsodrano dia firarian-tsoa ihany. Raha ny fomba tany aloha dia ara-bakiteny mihitsy ny tsodrano. Misy ny manao fafy rano. .Mikasika ny fisantarana ny taona vaovao, ho antsika teto Madagasikara, raha tsy hilaza afa-tsy ny teto Antananarivo renivohitra sy ny manodidina fotsiny, nanamarika ny fisantarana ny taona vaovao ny firotsahan'ny orana ny afakomaly alahady. Asa moa na tsodrano ny dikan'izay na inona. Mifanohitra amin'izany kosa, daroka baomba na fanafihana tamin'ny alalan'ny "drone" no nisantarana ny taona vaovao tany amin'ny firenena sasany ao anatin'ny ady, toy ny tany Ukraine. Tsy any amin'ity firenena ity ihany fa na eto an-toerana aza dia misy olona hafa koa maminavina sa mahita zavatra tsy dia tsara ihany koa, toy ny hoe hisy fahasarotana, hono ny vary ! Tsy misy mahalala izay tena hitranga. Raha ny marina tsy misy olona mirary zavatra ratsy izany rehefa manao tsodrano. Na aiza na aiza dia samy maniry sy mirary taompahasambarana ho an'ny isam-batan'olona, ho an'ny isan-tokantrano, ho an'ny isam-pianakaviana, ary ho an'ny firenena tsirairay. Anterina etoana indray ny fiarahabana ny rehetra tatry ny Asaramanitra. Mirary ny hahatafitana soa ity taona ity, tsy ho solafaka andalana, ho tratry ny taona mitsingerina indray.**

Lucien Raharison

Finoana Katolika

# Tonga afakomaly ny Nonce Apostolique vaovao



**Ny Nonce Apostolique vaovao ny Mgr Tomasz Grysa.**

Tonga afakomaly antoandro 1 janoary 2023 eto Madagasikara ny Nonce Apostolique vaovao ny Mgr Tomasz Grysa. Ny 27 septambra 2022 no notendren'i Papa François hiasa eto Madagasikara izy, ary « délégué Apostolique aux Comores » sy « délégué à la Réunion ». Efa niasa tamin'ireo firenena marobe teo amin'ny sehatry ny fifandraisana ara-diplômatika ny Mgr Tomasz Grysa. Nialoha ny nanendrena azy ho eto Madagasikara, dia nitana ny toeran'ny Mpanolotsaina voalohany tao amin'ny « Nonciature apostolique de Jérusalem » ny taona 2019 ka hatramin'ny 2022. Efa niasa tamin'ny Nations Unies, Brésil Mexique Inde sy Népal ary Russie. Tonga nitsena azy teny Ivato ireo mpikambana ao anatin'ny Fivondronam-ben'ny Eveka eto Madagasikara.

**JUDD**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Araka ny fahitan'ny FMI

# Mbola ho sarotra noho ny tamin'ny lasa ity taona 2023 ity

*Anisan'ireo heverina ho antony ahazoana manazava izany ny ady ao Ukraine, ny sondro-bidim-piainana, ary ny fiakaran'ny tahan'ny zanabola.*

Ho tsara sa ho ratsy ity taona ity, hoy ny fanontaniana mateti-pitranga apetraky ny olona isaky ny misantatra taona vaovao. Karazany mamaly izany sahady anefa ny FMI, na ny Tahirim-bola iraisam-pirenena, izay naminavina na nanombatombana ka nilaza fa "Mbola ho sarotra noho ny tamin'ny lasa teo iny ity taona vaovao 2023 ity".



**Raha mbola ho mafy noho ny tamin'ny lasa ity taona ity dia hanao ahoana indray izany ny ho fiakaran'ny vidim-piainana ? (sary tahiry)**

Fanambarana nataon'ny Tale Jeneralin'ny FMI Kristalina Georgieva io mahakasika ny toekarena eran-tany, izay taterin'ny fampahalalam-baovao samihafa any ivelany. Hihena avokoa ny tanjak'ireo maotera mampandeha ny harin-karena, hoy izy. Ny fototr'izany dia satria mihamiadana ny fitomboana hita any amin'ireo toekarena lehibe indrindra toy ny any Etazonia, Vondrona eorôpeana, ary Sina.
Efa tany amin'ny oktobra taona lasa no naminavina izay mety ho fitombon'ny harinkarena eran-tany ho an'ny taona 2023 ny FMI. Anisan' ireo heverina ho antony ahazoana manazava izany ny ady ao Ukraine, ny sondro-bidimpiainana, ary ny fiakaran'ny tahan'ny zanabola. Manodidina eo amin'ny 2,7% monja ny fitombon'ny harin-karena maneran-tany amin'ity taona ity, hoy ihany ny FMI. Taha farany ambany indrindra hatramin'ny taona 2001 io, ankoatry ny krizy ara-bola tamin'ny taona 2008 sy ny krizy ara-pahasalamana nateraky ny Covid tamin'ny taona 2020. Farany, ankoatry ny FMI dia nanao vinavina mitovitovy amin'ity ihany koa ny Banky iraisam-pirenena, ny OCDE, ny Firenena mikambana, ary ny OMC. Ho antsika eto Madagasikara, anisan'ireo endrika nahitana ny fahasarotana nisy teo amin'ny fitomboan'ny harinkarena izay, ohatra, ny fiakaran'ny vidin'ireo entana ilain'ny mponina andavanandro (PPN).

L.R.

Taona 2023

# Mitontona andavanandro ny ankamaroan'ireo andro tsy fiasana

Ho betsaka indray ireo faran'ny herinandro lavalava amin'ity taona 2023 ity satria raha kely indrindra, misy dimy ireo andro alatsinainy natokana tsy hiasana kanefa handraisan-karama. Ho marihina ny 9 ary sy ny 10 aprily 2023 ny fetin'ny paska ary ny 28 sy 29 may 2023 ho an'ny fetin'ny pantekoty. Andro alatsinainy ihany koa no ho marihina ny 1 may 2023 hanamarihana ny fetin'ny mpiasa. Andro alatsinainy ihany koa no hankalazaina ny fetin'ny krismasy. Mbola ho marihina andro alatsinainy ihany koa ny fetin'ny fahaleovantena 26 jona amin'ity taona 2023 ity. Ankoatran'ny andro alatsinainy, ho betsaka ihany koa ny andro andavanandro tsy hiasana satria andro alarobia no hankalazana ny andron'ny 8 martsa natokana ho an'ny vehivavy. Alarobia ihany koa no hanamarihana ny 29 martsa 2023. Raha tsy misy fiovana, ny zoma 21 aprily dia natokana ho an'ireo mpino silamo Id Al fitr ary andro alarobia ho an'ny Id al Adha izay mety ho tanterahina ny 28 jona 2023 raha tsy misy fiovana. Efa mahazatra hatramin'izay kosa fa ny alakamisy 18 may 2023 no hankalazaina ny Ascension ary ny talata 15 aogositra ho an'ny assompition. Mitontona alarobia kosa ny fanamarihana ny fetin'ny olomasina 1 novambra 2023. Eo anelanelan'izany, hisy ny fanatanterahina ny fifidianana izay ho filohampirenena sy izay hitantana ny tanana na ben'ny tanana ho an'ity taona 2023 ity. Mbola tsy nivoaka moa ny andro tsy fiasana kanefa handraisankarama ofisialy ka amin'izay vao fantatra ny daty hanatanterahina ny fifidianana sy izay andro hafa tsy voalaza anatin'ireo.

Nath

Antananarivo sy ny manodidina

# Nikatona ny ankamaroan'ireo tsena

Nikatona ny ankamaroan'ny tsena omaly alatsinainy. Misy amin'ireo magazay lehibe no efa nampilaza mialoha fa mikatona izy ireo amin'izao fiandohan'ny taona izao. Ireo tsena kely teny amin'ny kartie azo isaina amin'ny rantsantanana ireo nisokatra ary ireo toeram-pivarotana akanjo kosa nikatona ny tao Andrenivohitra. Torak'izay ihany koa ny trano fikarakarana endrika amam-bika izay tsy nisy niasa omaly noho ny asa maro be nataon'izy ireo ny sabotsy lasa teo. Somary navesatra ho an'ireo mpiasa amin'ny orinasa kosa ny andron'ny alatsinainy omaly saingy tsy maintsy miasa moa izy ireo. Ireo mpiasa tena no afaka mametra ny asa vitany sy manapaka na hiasa na tsia ao anatin'ny andro iray. Tafiditra ao anatin'izany ireo mpanao volo, mpanjaitra, mpandrafitra, mpanao asa tanana sy ny maro tsy voatanisa.
Etsy ankilan'izany, nilamina tanteraka ny fifamoivoizana teto Antananarivo, tsy nisy ny fitohanana izay nahazatra ny maro ho an'ireo tanana mivoaka kely Renivohitra. Na izany aza anefa, niasa soa aman-tsara ireo fiara fitateram-bahoaka na hita fa vitsy an'isa aza izy ireo. Anisan'ny nanana olana ireo tsy maintsy mamonjy asa aman-draharaha omaly alatsinainy satria vitsy ireo taxibe. Izay tsy nisafidy hanao famandrihana mialoha amin'ny taxibrousse kosa dia misedra olana satria sarotra ny mahita fiara. Voatery tsy maintsy mitady vahaolana hafa rehefa tsy niomana eo anatrehan'izany rehetra izany.

Nath

Covid-19

# 15 ny tranga hita, olona roa namoy ny ainy

Teo anelanelan'ny 24 hatramin'ny 30 desambra 2022, nisy 381 ny isan'ireo fitiliana covid-19 natao. Hita fa nisy olona 15 miabo amin'ity valanaretina ity ary 2 namoy ny ainy teo analenelan'izany fotoana izany. Olona roa hafa ihany koa arahi-maso akaiky ny fahasalamana satria misy fahasarotana ny fitsaboana azy. Faritra efatra sisa ahitana ity valanaretina ity amin'izao fotoana izao dia Analamanga misy marary miisa 8, Matsiatra Ambony 3, Diana 3 ary Atsinanana iray. Raha tsiahivina kely ity valanaretina covid 19 ity nandritra iny taona 202 nivalona iny dia somary nangingina. Ny tena marina anefa, niezaka niaina tao anatiny ny olona satria efa eo ilay izy ary ny fiainana andavanandro, ny fitadiavana tsy maintsy atao na eo izy na tsy eo. Ny mpianatra ihany koa anefa tsy maintsy mianatra saingy ny fametrahana ny fepetra sakana tsy hiparitahan'ny valanaretina no nataon'ny rehetra. Misy hatrany kosa anefa ny fanaovam-baksiny izay hanentanana ny rehetra. Hatramin'ny fotoana niandohan'ity valanaretina ity hatramin'izao, nisy 522 715 ny isan'ny fitiliana natao teto Madagasikara, 67 061 amin'ireo miabo avokoa. Marary 66 265 izay manome taha 97,81% sitrana ary 1418 na 2,09% namoy ny ainy. Hatreto anefa, mbola tsy mamela mahazo ity valanaretina covid-19 ity fa mbola mamono olona hatrany. Efa misy ihany koa anefa ny tranga vaovao hita any Chine any ka mahatonga ny firenen-kafa rehetra ho mailo satria tena mandripaka indray ilay izy ary tsy maharaka ny hopitaly sy ny fanafody any Chine any.

Nath

"Poly Vontovorona"

# May ny rihana ambonin'ny "Bloc 15"



**Nikorapaka ireo mpianatra izay anatin'ny fialan-tsasatra raha vao naheno ny voina.**

Omaly tokony ho tamin'ny 5 ora maraina, may ny "bloc 15" ao amin'ny tranon'ny mpianatra eny Vontovorona. Ny rihana ambony misy efitra 8 no voakasik'izany fahamaizana tanteraka izany. Tsy nisy azo noraisina ny entana rehetra tao anatiny raha nanam-potoana nanavotra ny kojakoja sy entana ny tao ambany rihana. Mpianatra 50 no traboina noho izany hain-trano izany. Araka ny tombana nataon'ny "électriciens" eo anivon'ny CROU-A, "court-circuit" no nitarika ny hain-trano. Niditra an-tsehatra tamin'ny famonoana izany afo izany ny sampana mpamonjy voina ka nahafehezana ny afo.

*Mpianatra 50 traboina vokatr'izany.*

Araka ny loharanom-baovao azo teny an-toerana, kasaina hafindra vonjimaika "bâtiment polyvalent" ireo mpianatra ireo mandram-pahita vahaolana. Efa teny an-toerana ihany koa ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny izay nosoloin'ny Sekretera Jeneralin'ny minisiteran'ny fampianarana ambony ny Pr Salava Julien sy ny avy eo anivon'ny CROU-A , ny avy ao amin'ny "ESPA" izay samy nijery akaiky ny zavamisy sy mandinika vahaolana maharitra manoloana izao voina izao.
Miantso ny rehetra mba hitandrina indrindra fa ny fikirakirana herinaratra izay matetika fototry ny loza, indrindra amin'ireo fotodrafitrasa efa ela niorenana ny minisitera mpiahy azy ireo. Ireo mpianatra kosa mangataka amin'ny hanavaozana tanteraka ny fotodrafitrasa izay efa am-polo taona maro no nisy. Ao anatin'ny fialan-tsasatra ihany koa ireo mpianatra ka amin'ny 9 janoary 2023 vao miditra sy miverina. Misy ihany anefa ireo tsy afaka niala teny an-toerana noho ny halaviran'ny toerana misy ireo ray aman-dreny saingy vitsy ihany izy ireo.

Nath

Vokatra Nikela

# Manafosafo ny 30 000 Dolara ny iray taonina

Mihatsara ny vidin'ny vokatra Nikela. Omaly, efa tafakatra 29 975 Dolara (eo amin'ny 134 tapitrisa Ariary) ny vidin'ny iray taonina eo amin'ny tsenan'ny vy iraisam-pirenena na ny LME. Raha mbola tany amin'ny 21 000 Dolara ny vidiny tamin'ny volana oktobra tamin'ny taon-dasa, dia tsy nitsahatra niakatra hatrany mandraka ankehitriny. Araka ny fantatra dia mitombo ny tinady eo amin'ny tsena, ka mampiakatra ny vidiny. Anisan'ny singa fototra ilaina amin'ny fanamboarana vatoaratra ny Nikela. Taorian'ny krizy ara-pahasalamana anefa dia nihazakazaka amin'ny tetikasa fanamboarana fiara mandeha amin'ny herinaratra ireo orinasa lehibe mpamokatra fiara any ivelany. Niroborobo vokatr'izany ny fanamboarana vatoaratra sy ny fanjifana Nikela teo amin'ny tsena. Mahita tombony amin'ny fisondrotry ny vidin'ity vokatra ity i Madagasikara. Ny fitrandrahana sy fanondranana Nikela ataon'Ambatovy dia mampiditra vola ao anatin'ny kitapombolam-panjakana. Tena be mpitady ny Nikela avy eto amintsika, satria mahafeno ny kalitao farany ambony amin'ny fanamboarana vatoaratra fampiasa amin'ireo fiara elektrika. Tsy vitan'ny mandoa hetra sy tamberim-bidy any amin'ny fanjakana sy ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana voakasiky ny asa fitrandrahany ity orinasa ity fa mbola mamorona asa mivantana sy mamelona ireo orinasa mpiantoka asa ao aminy.

R. Muray

midigazetikom@gmail.com